

## **Senpartieco kaj egaleco inter homa specio en Malio**

### **NY TSY FIANDANIANA SY TSY FITOVIANA EO AMIN'NY KARAZAN'OLONA AO MALI**

Ny fanorenana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy no antsoina hoe karazana olombelona. Ny karazana sy ny fivoaran'ny olombelona dia fitrandrahana olona mifandraika amin'ny lehilahy sy ny vehivavy mba hahazoana ny fepetran'ny fampandrosoana ara-drariny.

### **Toetra ankapoben'ny karazan'olombelona ao Mali**

Mizara ho ambaratongam-pahefana, olona afaka, saranga ary andevo ny foko. Iadian-kevitra ny maha-zava-dehibe ireo sokajy sosialy ireo eo amin'ny fiarahamonina Maliana ankehitriny. Voataonan'ity rafitra ara-tsosialy ambaratonga ity ny endriky ny fiainana ara-tsosialy rehetra amin'izao fotoana izao ao Mali, ao anatin'izany ny rafitry ny karazan'olombelona.

Sarotra indraindray ny fifandraisana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy satria tsy afaka misafidy ny toerana hipetrahany na ny olona tiany hiarahana ny vehivavy. Ny raim-pianakaviana sy ny anadahy no mikarakara ny fampakaram-bady. Rehefa tsy tia ny vadiny na ny toe-java-misy iainan'ny fianakaviany intsony ny vehivavy, dia tsy misy safidy maro raha te hitandro ny fanajany izy, indrindra rehefa reny. Noho izany, amin'ny ankamaroan'ny zava-misy, mijanona ao amin'ny fianakavian'ny vadiny ny vehivavy ary ambaniana sy iharan'ny herisetra. Tsy mandray anjara amin'ny politika ny vehivavy, tsy manatrika fivoriana ary tsy maintsy mijanona ao an-trano.

Antony hafa mahatonga ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra, ny tsy fahampian'ny fikarakarana ara-pahasalamana, ny tsy fitovian'ny karama, ny tsy fananan'asa.

### **Fizarana sy fanaraha-maso ny loharanon-karena**

Mahatonga ny lehilahy sy ny vehivavy hifampiankina ny rafitra ara-poto-kevitra. Ilain'ny lehilahy ny vehivavy hanamafisany ny andraikiny amin'ny maha-vady sy ray azy. Mila ny lehilahy koa ny vehivavy ho vady sy rain'ny zanany. Manan-danja kokoa ny maha-zava-dehibe ny andraikity ny vady sy ny maha reny amin'ny vehivavy noho ny fahiziany sy ny andraikiny. Lalan-tokana ho an'ny ankamaroan'ny vehivavy, ny manambady sy miteraka.

Mifototra indrindra amin'ny mahalahy na mahavavy ny fizarana ara-tsosialy amin'ny asa sy ny andraikity ny tsirairay amin'ny fiarahamonina ambanivohitra ankehitriny. Manana ny adidy amin'ny fianakaviany niandohany, indrindra anaty tsy fisiana ny fianakaviana, ny vehivavy any ambanivohitra. Ny haren'ny vehivavy manokana dia ampiasaina kokoa hikarakarana ny zaza, fanomezana ho an'ny zazavavy, hanohanana ny fianakaviany niaviany. Asa an-trano sy fambolena no mameno ny fiainan'ny vehivavy any ambanivohitra.

### **Lalàn'ny fomba amam-panao, ny fahafahan'ny vehivavy amin'ny tany**

Maneho ny fahambonian'ny fenitra mahazatra ao Mali ankehitriny ny fifandraisan'ny vehivavy amin'ny tanimboly. Tsy afaka mahazo famatsiambola ho an'ny tsirairay ny vehivavy noho ny fetran'ny foto-kevitra. Sakana ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra ary miovaova arakaraky ny maha zava-dehibe ny fitsipika mahazatra ny faritra tsirairay ny zon'ny

vehivavy. Vitsy ny ankizivavy noho ny ankizilahy no mandeha an-tsekoly. Ny 15%-n'ny vehivavy ihany no mahay mamaky teny sy manoratra raha 32%-n'ny lehilahy.

Hita amin'ny fiaraha-miaina amin'ny maoderina, ny lalàna sy fitsipika mahazatra ny maha ara-dalàna ny vehivavy Maliana. Araka ny voalazan'ireo vehivavy mpikatroka, mifototra amin'ny foto-kevitra ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy, izay manome anjara toerana lehibe ny lehilahy eo amin'ny fianakaviana sy eo amin'ny fiaraha-monina, ny fitsipika mahazatra. Misy vokany ratsy ny fiankinan'ny vehivavy amin'ny fahefan'ny lehilahy na dia eo aza ny fanafoanana ny fitsarana mahazatra tamin'ny taona 1960.

Heverin'ny lehilahy fa tompon'andraikitra bebe kokoa amin'ny filan'ny fianakaviana noho ny vehivavy izy ireo, noho izany dia mandidy ny zavatra ataony izy ireo. Mitranga izany na dia ny vehivavy aza no voalohany miantoka ny filan'ny fianakaviana.

### **Rafitra ara-dalàna momba ny firaisana ara-nofo**

Nisy andiana antontan-taratasy nasionaly sy iraisam-pirenena manohana ny zo demôkratikan'ny tsirairay sy ny tsy fanavakavahana ny olom-pirenena rehetra nosoniavin'ny governemanta Maliana. Ireo andinin-dalàna fototra rehetra toy ny Lalàm-panorenana, Lalàna momba ny Asa, Fanambadiana ary Fehezan-dalàna ary ny Tulela marika dia samy manamafy ny fitovian-jo ho an'ny rehetra tsy misy fanavakavahana ara-pirazanana, ara-pananahana, ara-pinoana ary ara-poko, ary mametra ny zon'ny rehetra hahazo fanabeazana, asa, fitsaharana ary fanampiana ara-tsosialy. Na eo aza izany, tsy voahaja ny fampiharana ny lalàna ary tsy mitovy amin'ny an'ny lehilahy ny fitsaboana ny vehivavy, indrindra fa ny fisaoram-bady, ny fitaizana zaza ary ny lova.

### **Fanambadiana, fisaraham-panambadiana ary lova**

Ny fanambadiana dia fifanekena eo amin'ny tarana-pirazanana ary hamafisina amin'ny fandoavana ny vodiondry avy amin'ny lahy ho an'ny vavy. Vehivavy maty vady no natolotra ny zandrin'ny lehilahy iray maty vady. Heverina ho vahiny amin'ny fianakavian'ny lahy ny vehivavy mandra-piterahany. Tsy mahazo manan-javatra ao amin'ny fianakaviam-bady na ao amin'ny fianakaviany izy. Miankina amin'izay azon'izay voaangony ny haren'ny vehivavy manambady . Araka ny fomba amam-panao, dia eo ambany fiarovan'ny lehilahy ary anisan'ny lovany ny vehivavy. Voarara ny fisaoram-badin'ny lehilahy ny vehivavy iray araka ny fehezan-dalàna momba ny fianakaviana 1962.

### **Ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny fiainam-bahoaka**

Ny lehilahy no mibaiko ny sehatry ny daholobe. Mijanona amin'ny sehatra manokana ny vehivavy noho ny antony ara-pivavahana na fomba amam-panao. Miroborobo ny fikambanam-behivavy ao Mali ary heverina ho toerana ho an'ny vehivavy ny ao an-trano, satria ao an-tranon'ny iray amin'ireo mpikambana no hivoriana.

Nanoratra i Madou MAIGA

Nandika i Miora RAVELOHARSION